## Fomba 3

**Famokarana raha sendra very ny doria fototra.**

1. Mba hamerenana indray ny doria fototra dia zava-dehibe ny **mitady karazana doria tsara** amin'ny karazana resahina eo amin'ireo mpampiasa azy. Ny 'doria tsara' samihafa fiaviana amin'ny karazana bajiry iray dia azo atambatra.
2. **Tena ilaina ny mampiasa ny fomba 2 izay voalaza etsy ambony mba hamerenena ny doria fototra.** Mety ilaina ny ny **fampiasana taranaka amin'ny karazana manokana**, avy amin'ny fototra nivady tamin'ny tenany ihany (taranaka S1) na fifampivadina avy amin'ny fototra roa samihafa (vavy 1 mivady amin'ny lahy 1), ary betsaka araka izay azo atao, 400 raha kely indrindra.Ity teknika iray ity dia mitaky harona kely fampiasa amin'ny "autofécondation*"
3. Tena zava-dehibe ny **mitazona ny ampahatelony hatramin'ny antsasaky ny voan'ny taranaka** (S1,taranaka mpiray tampo akaiky na alavitra) fa kosa atao tsara ny fomba ny fitahirizana mba ho azo antoka ny filana ny taona manaraka
4. Manohy ny fomba 2 mitovy amin'ny voalaza etsy ambony miaraka amin'ny famafazana sy ny fanombanana, afa-tsy raha tsy ilaina ny fanombanana ny taranaka natokana tamin'ny toerana manokana, satria ny vokatra dia tsy azo ampiasaina ho doria
5. Ny doria fototra dia **hovokarina avy amin'ny voa sisa tavela avy tamin'ireo taranaka voafidy**, nofantenana araka ny fanombanana ny taona teo aloha, amin'ny fampiasana ny fomba faha-2.

* autofécondation = fivadian'ny vony lahy sy vony vavy avy amin'ny tenany ihany fa tsy misy mpanelanelana

### Production des Pleins-Frères avec des plantes de mil :




Voly amin'ny elanelana malalaka tsara ary aveo havela ho fototra iray isaky ny lavaka no maniry mba ahatsara ny fivadiana eo amin'ny fototra manana ny fotoam-pamelanana samihafa.

Rehefa mamony(misy felany), maka valopy taratasy ary Alaina vonin'ny fototra iray ka afindra amin'ny felan'ny fototra iray eo akaiky(afaka atao amin'ny salohy rehetra aminy fototra iray io ihany) mba ahazoana doria avy amin'ny taranaky ny mpiray tampo feno.

Soratana tsara eo amin'ny valopy taratasy ny laharana isaky fototra iray sy ny laharan'ny fototra nakana ny vovom-bony.

Hoan'ireo fototra iray tampo,ampivadiana amin'ireo fototra mifanakaiky aminy mba havitana fampivadiana maro .




Fandraisana anjara miaraka ho fanatsarana ny karazana Apemba sy Bajiry

# FIKOJAKOJANA NY KARAZANA BAJIRY

## Mitazona ny mampiavaka azy, fampifanarahana azy amin'ny zava-misy ary ny vokatra

Ny fikojakojana ny karazana bajiry iray dia fomba atao itazomana ny toetra mampiavaka ny karazana bajiry iray, ny fahafahany mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ary ny vokatra azo . Mba itazomana ny vokatra azo, dia zava-dehibe mitazona ny firafitry ny fototarazony, sy ireo toetra isankarazany mampiavaka ny karazana bajiry, na fahasamihafana anaty karazana amin'ny ankapobeny.


### FAMPIHARANA TOKONY ARAHINA

1. Ny fikojakojana, ao anatin'izany famokarana doria fototra, doria fototra sokajy voalohany, doria fototra sokajy faharoa, dia mitaky fahalalana tsara momba ny karazany doria vokarina
2. Ny famokarana doria fototra, sokajy voalohany sy sokajy faharoa dia atao amin'ny saha mitokana izay mielanelana 1000m(1km) manodidina amin'ny sahan'ny voly bajiry hafa.
3. Ny famokarana doria fototra, doria fototra sokajy voalohany sy faharoa dia mora koa koa ny famokarana azy atao amin'ny saha lehibe midadasika , izay ahafahana mamboly bajiry 5000-10000 isa.
4. Ireo fomba fanao amin'ny famokarana doria tsara kalitao raha hamokatra doria fototra , doria fototra sokajy voalohany sy faharoa:
   a. Vokarina amin'ny toerana azo hijerena ireo toetra mampiavaka ny karazana bajiry sy manavaka ireo karazajava-maniry hafa mihitsy(tany mitovy tantana,ny fepetra ilaina amin'ny karazana bajiry hovolena)
   b. Halaviro ny bajiry mivady amin'izy samy izy miankavay ihany : farafahakeliny bajiry 200isa no tsy maintsy ampiasaina amin'ny fahazoana taranaka manaraka
   c. Eviter Tandremo ny fifangaroana ny voan'ny doria sy ny fivadiana amin'ny karazana Bajiry hafa(hajao ny elanelana misy ny saha, jereo ny voly teo aloha sy ny fanajana ny fifandimbiasam-boly, tandremo ny fifangaroana mandritry ny finjinjana, fikapohana ny karazana bajiry tsirairay avy)
5. 5. Fanongotana ny bajiry mitangorona ka avela ho iray isaky ny fotony mba ahamora ny asa fifantenanana sy fanalana ireo karazana zava-maniry hafa ankoatra'ny Bajiry novolena.

## FIKOJAKOJANA NY TOETRA MAMPIAVAKA NY KARAZANA BAJIRY

1. Ireto toetra manaraka ireto matetika no hita ao amin'ny tahirin-kevitra mampiavaka ny karazana bajiry, ohatra:
   a. Fisiana volo eny amin'ny salohy (Aristation), lokon'ny voa, endrika sy halavan'ny salohy,halavan'ny elanelan'ny taho isan-tonony, fisian'ny volo eo amin'ny tonon'ny taho.
   b. Ny mpamokatra doria dia mahafantatra tsara ny karazana bajiry ka mahafantatra ny mampiavaka azy amin'ny karazany hafa.
2. **Fanadiovana araka ny toetra mapiavaka ny karazana** : Esorina izay Bajiry tsy mifanaraka amin'ireo toetra izay voasoritra, ka tsara kokoa izany atao alohan'ny famelanana , toy ny zava-maniry rehetra izay mamelana miaraka dia miantoka ny fitohizanan'ny taranaka manaraka.Angatahana mba olona mahalala tsara ny karazana bajiry no manao ity asa fanadiovana ity.

**Angatahina mba olona mahalala tsara ny karazana bajiry no manao ity asa fanadiovana ity.**



FICHE VARIETALE

SARETSAKO (Mil Sosat Androy)

| Nom Botanique | Origine | Obtention | Mainteneur | Agroécologie |
|---|---|---|---|---|
| Pennisetum glaucum | District d'Ambovombe | Sélection massale | CTAS | Zone Sud et Sud-ouest |

CARACTERES MORPHOLOGIQUES

TIGE
Couleur : verte
Port : érigé
FEUILLE
Couleur : limbe et nervure verts
Type : simple
Pilosité : pubescente/glabre
Nervation : parallèle
Bordure : entière
Disposition : alternance
CHANDELLE
Forme : haltère, arrondie au sommet*
Longueur (cm) : 25 - 60
Section : ronde*
Compacité : moyenne - forte
Aristation : néant*
GRAIN
Couleur : jaune olive*
Forme : conique
Poids de 1 000 grains (g): 17 - 25

CARACTERES AGRONOMIQUES

Cycle floraison (jours) : 60 - 70
Cycle à maturité (jours) : 100 - 130
Talles/plante (nombre) : 05 - 08
Rendement moyen à l'hectare (kg) : 600 - 1000
Photopériodisme : oui (jour long)

EXIGENCES PARTICULIERES

Nombre de générations maximal autorisé : 3

ASSOCIATIONS CULTURALES AUTORISEES

Espèces associées : niébé, cucurbitacées
Mode d'association : en interligne ou deux lignes de mil
en milieu irrigué, espèces associées en dérobé d'au moins 15 jours

## FIKOJAKOJANA NY TOETRA MIFANARAKA AMIN'NY ZAVA-MISY

1. Ny datin'ny fiandohan'ny famelanana ary koa faharetan'ny fotoanan'ny famelanana dia tena zava-dehibe mamaritra ny toetrany mifanaraka amin'ny zava-misy amin'ny tontolo votendry misy azy, nefa betsaka ireo toetra hafa tsy dia hita firy sy tsy dia fantatra mampiavaka azy. .
2. Ny fahasamihafana ara-karazana eo amin'ny bajiry mitovy fihaviana dia singa tena mana-danja izay tsara asina fiheverana, ohatra misy karazana bajiry mamelana mandritry ny vani-potoana lava.
3. Mba hitazomana ny toetra rehetra ary koa ny tahan'ny tsy fitoviana mifanaraka amin'izany, dia entanina mafy fa ny **famokarana doria fototra/doria fototra voalohany na ny doria fototra faharoa izay mifanaraka tsara amin'ny fomba fambolena mba hifanaraka ny fepetra ilaina:**
   a. Ny daty famafazana « mahazatra » : Ialao ny famokarana tsy amin'ny vanim-potoanampambolena !
   b. Ny karazantany tokana , manana taha-pavokarana ambany na antonony.


## FIKOJAKOJANA NY TOETRA MIFANARAKA AMIN'NY ZAVA-MISY

1. Ny taham-pavokarana ambony hoan'ny karazana bajiry iray dia toetra iray saro-takarina .
2. Mety ho latsaka ny vokatra azo avy amin'ny karazana bajiry noho ny fifangaroana sy ny fiarahana bajiry roa hafa karazana( vavim-bony 1 mivady amin'ny lahim-bony) ary koa vokatry ny fivadiana bajiry avy amin'ny fianakaviana iray noho ny tsy fahampian'ny isan'ny bajiry voatahiry mba ho famokarana doria fototra/doria fototra voalohany.

**Ny fomba fikojakojana samihafa dia miantefa amin'ireo antony manokana ireo, ny tsy fisian'ny vokatra, ary koa ireo toetra mampiavaka manokana ny karazana bajiry.**

## Fomba 1


**Famokarana doria « voafehy »: tsy misy mifangaro na fahasimban'ny toetra sasany amin'ny karazany**




- Famafazana voly tsirairay
- Fanesorana fototra hafa karazana na marary
- 200 fototra farafakeliny no jinjaina hamenoana ny tahirin'ny doria

## Fomba 2

**Famokarana doria raha sendra misy fifangaroana goavana eo amin'ny karazana bajiry:**
Ny fihazonana ny vokatra azo tamin'ny karazana bajiry izay avy amin'ny doria fototra mifangaro dia mitaky drafitra amin'ny antsipiriany sy fahalavam-potoana iasana .




1. Ao amin'ny **saha iray mitokana**. Jinjaina sy velezina tsirairay isaky ny salohy ny bajiry ary araka izay betsaka indrindra , farafahakeliny manodidina ny **salohy 400 isa**, izay afafy tsirairay mba ho **taranaka manaraka**(= lignées de demi-frères *).
2. Ny doria azo avy amin'ny taranaka tsirairay dia hafafy toy ny « traitement » iray amin'ny andrana, atao aminn'y vala-tahalaka madinika , anatin'ny **saha mitokana tsara**. Ireo karazana « traitement » ireo nafafy araky ny **randomisation*** natao » mba hatsara vintana ny hafa akaikiny. Tsara raha atao miverina in-2(R1,R2,...) na mihoatra isaky ny taranaka.
3. Raha misy karazana samy manana ny datin'ny famelanana ; dia ilaina ny famafazana miverimberina amin'ny andro samihafa, na koa mamafy eo amin'ny antsasaky ny valatahalaka izay hiverenana ny famafazana ny antsasany amin'ny andro hafa, izany **dia hanamora fivadiana eo amin'ny voly malady sy tara.**
4. Ny fanombanana ny karazana bajiry dia manamora ny famantarana ireo fototra hafa karazana, ary koa amin'ny fampitahana ireo karazana miverimberina eo amin'ny saha.
5. Ny fanadiovana dia atao eo amin'ny saham-pambolena : **esorina amin'ny saha famokarana doria ireo karazana rehetra tsy mifanaraka amin'ny doria vokarina** , tena tsara kokoa raha atao alohan'ny famelanana.
6. Eo amin'ny fotoam-pijinjana, jerena tsara izay karazana tena tsara sy mifanaraka amin'ny fototry valim-pikarohana tiana ho azo. Azo tsaraina amin' ny vokatra miakatra koa ny taranaka iray na ho tazomina na tsia.
7. Tena tsara ny **mitazona taranaka maro , tsara raha mihoatra ny 100**. Ny karazana doria fototra vaovao sokajiana ho fifangaroana tsara ny doria avy amin'ireo taranaka voafantina sy nojinjaina.

* lignées de demi-frères = taranaka iray reny fa samy manana ny rainy

* randomisation = fametrahana ny traitement amin'ny toerana mikorontana mba tsy hohisy karazana mifanakaiky